

Monseigneur Benjamin Marc Ramaroson, c.m.
Archevêque d'Antsiranana
Administrateur Apostolique d'Ambohazo
Tél : (261) 32 11 539 39
BP 415
5 Boulevard Le Myre de Villers
201 ANTSIRANANA
Madagascar
baramaroson@gmail.com



TARATASY PASTORALY FAHA-8

SAO SANATRIA EFA TARA E....

**NA MIARAKA AVOTRA ISIKA KA TAFAVOAKA MIATRIKA IZAO KORONTANAVIRUS IZAO
SATRIA MIARA-MIFAMPITSIMBINA....**

NA MIARA-RENDRIKA SATRIA SAMY MANDEHA SAMY MITADY....

(AUDIENCE GENERALE VOLANA AOUT SY SEPTAMBRA PAPA FRANCOIS)

HO ANTSIKA EOV VITA BATEMY REHETRA
PRETRA, VOATOKANA, LAHIKA: TOLAGNA
HOMBA ANTSIKA MIANAKAVY ANIE NY FIADANAN'NY TOMP
“TSY ISIKA FA NY FAHASOAVAN'ANDRIAMANITRA MIARAKA AMINTSIKA....”

Noho ianareo nandray ny teny tamin'ny fahorianabe (KORONTANAVIRUS) sy tamin'ny hafaliana avy amin'ny Fanahy Masina (PANTEKOTY VAOVAO), dia tonga nanahaka ny Tompo ianareo, ka tonga fakàn-tahaka ho an'ny mpino rehetra...” (1Tes 1, 6)

Milaza miara-mahita isika fa maro ny zavatra mikorontana nentin'ity Krizy ity izay azo lazaina fa tsy krizy ara-pahasalamana fotsiny fa maro lafy indrisy ka betsaka ny zavatra potika : very fanahy mbola velona ny maro, very *repères* (tondrom-piainana), very *identité* (ny maha-izy azy), very ny soatoavinaVokany potika ny fifandraisana rehetra na ara-panahy na ara-batana na ara-tsaina. Efa misokatra, ohatra, (efa mibihagna) ny eglisy nefo noho confinement (fihibohana) dia za-dratsy ny maro ka misy sahy milaza fa tsy mahita intsony ny ilàna ny fankalazana fa ampy ny mivavaka manaraka ny fandaharana amin'ny televisiona na radio ... Fantaro fa kristianina katolika isika ka fototra sy loharano ny fankalazana fa indrindra ny Eokaristia. **Ny Eokaristia no manorina ny Eglisy ary ny Eglisy no manorina ny Eokaristia....** Voatohina ny *identité* noho ity KORONTANAVIRUS ity.

Na manao akory na manao akory, hafa ny fainantsika talohan'ny krizy, hafa ny fainantsika mandritra izao krizy izao ary tsy maintsy hafa ny fainantsika aorian'ny krizy...

Tsara ihany koa ny manipika fa samy manana ny pastôraliny ny diosezy, kanefa maro koa ny iombonana ary sarotra ny manao taratasy samihafa fa indrindra tanjona iray ihany no tratrarinia. Noho izany miala tsiny raha taratasy anankiray no alefa fa anjarantsika kosa no mandrindra araka ny diosezy misy antsika. Manaraka izany tsy voatery ho voalaza eto daholo ny rehetra (ity aza efa lava!!!) ka manasa antsika hameno araky ny fanentanana natao sy araky ny fivoriana niarahana. Fahatelo torolalana pastôraly no atolotra fa tsy vahaolana vita fonosana ka anjarantsika ny mijery ny zava-misy iainantsika ka mampihatra am-pahendrena tsilovin'ny Fanahy Masina.

1) MAHAY MAKÀ LESONA AVY AMIN'NY LASA : TANTARAN'NY EGLIZY

Tsy zava-baovao eo anivon'ny Eglisy ny fihibohana fa efa anisan'ny fiaianany. Porofon'izany ireo moines, mpitoka-monina. Matetika ny vokatry ny fihibohana dia mitondra fiaianam-baovao hatrany. Ohatra: lehibe ny "krizy" nentin'ny fijalian'i Kristy sy ny fahafatesany. Very fanahy mbola velona tanteraka ireo mpianatra toa ireo nandeha tany Emaosy. Rehefa nifanojo, nihaona tamin'i Kristy anefa izy ireo dia niova tanteraka, "nirehidrehitra ny fo" nanambara fa nitsangan-ko velona i Kristy. Nihiboka niara-nivavaka tamin'i Masina Maria ireo Apostoly ka niova tanteraka rehefa nidinan'ny Fanahy Masina ka tsy navozo intsony fa nijoro vavolombelon'ny Vaovao Mahafaly. Nandalo krizy mafy izao tontolo izao tamin'ny taonjato faha-20. Nihiboka nanao konsily ireo Aban'ny Eglisy ka "niteraka fihavaozana lehibe teo amin'ny Eglisy dia Konsily Vatikanina faha-2" izay namaritra lehibe ny anjara toeran'ny lahika sns...

Mitondra amin'ny fiovam-penitra mahery vaika (*changement radical*) ny fivoahana amin'ny krizy : *nouveau départ (fiaingana vaovao)*, Pantekoty vaovao hoy ny fiteny.

Raha amin'izao tontolo izao tokoa dia maro ny very fanahy sy very *identité* noho izao krizy izao fa isika kosa manana an'I Kristy "tsy miova omaly, anio ary mandrakizay..."

2) OLON'NY FINOANA, OLON'NY FITIAVANA, OLON'NY FANANTENANA

Fantaro fa izay olona nifanojo tamin'I Kristy dia niova ary afaka nampiova ny hafa. Izay no atao hoe Olon'ny finoana, izany hoe olona nanao safidy matotra, nanao "eny" tahaka an'i Masina Maria, olona fola-kevitra (*convaincue*). Araky ny fampianaran'I Md Curé d'Ars : ny olon'ny finoana dia olona mandahatra araka ny ambaratongany ireo izay mandrafitra ny fiaiany toa ny soatoavina, toa ny tondrolalana (repères) sns... Manana an'I Kristy ilay tsy mivadika mandrakizay ary tsy miova omaly anio ary mandrakizay ary nilaza hoe : Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiaianana ka noho izany tsy ho very satria mazava ny lalana, tsy misy mampavozo satria miorina mafy, tsy voahozongozona intsony na dia eo aza ny fijaliana sy sedra dia mahatsiaro sambatra, mitoetra ao anatin'ny fiadanana satria manana an'I Kristy aina, fiaianana tsy very mandrakizay. Ny olon'ny finoana dia iray aina amin'I Kristy ka zary olon'ny fitiavana tsy araka ny hevitr'izao tontolo izao izay entin'ny fitiavan-tena, fialonana, avonavona miteraka fanilikilihana sy fanapotehana fa araka ny fampianaran'I Kristy izany hoe fitiavana tsy misy takalo, fahafoizana ka zary manompo tahaka an'I Kristy (jereo Filp 2). Ohatra sy modely amin'izany i Masina Maria ilay Misionera Voalohany, ilay Tabernakla velona voalohany rehefaavy "nandray an'i Jesoa" (ho antsika amin'ny sakramenta faindrindra ny komonio) lasa nandeha nanompo an'I Mb Elisabeth. Ny mpanompo tokoa no manatona an'izay tomponia.... Olon'ny finoana, olon'ny fitiavana izay vita Batemy iray aina amin'I Kristy, iray fitiavana amin'I Kristy ka olon'ny fanantenana. Mety ho maro ny sedra, ny fahorianana, ny fijaliana faindrindra amin'izao Krizy izao fa tahaka ireo Apostoly tsy kivy fa manana an'I Kristy. Hoy i Md Paoly milaza ny traikedany : "nino na dia tsy tokony ho nisy antenaina aza (Rm 8, 14).

Noho izany "fohazy ny finoana" satria araky ny fampianaran'i Papa tamin'ny 27 Mars 2020 dia tsy i Jesoa no matory miatrika izao samboaravoaran'ny krizy izao fa ny finoantsika no matory ka mila fohaziny izany hoe mametraka an'I Jesoa eo anivon'ny fiaianantsika sy ivon'ny fiaianantsika ka zary EOV (Eglisy Olona Velona) marina tokoa isika vita batemy.

3) TSY MISY NY DIOSEZY, TSY MISY NY EGLIZY, FA IANAO SY IZAHO ISIKA MIARAKA NO MAMPISY AZY...

Tsy mahazo mipetra-potsiny isika hoy ny Papa tamin'ny hafatra teny Soamandrakizay : "Ny mpanara-dia an'I Kristy dia voaantso ho iraka ka tsy mahazo mipetrapetraka, na miraviravirary tanana fa tsy maintsy mirotsaka miasa, manova ny fiaianan'izao tontolo izao, indrindra ireo toe-java-

misy mahonena iainan'ny zanak'olombelona izay tsy mifanaraka velively amin'ny fandaharan'Andriamanitra mba...". Manosika antsika ho EOV MISIONERA io hafatr'i Papa io. Maniraka antsika HANAVAO ny fifandraisana amin'ny zavaboary, amin'ny fiaraha-monina andavanandro, amin'Andriamanitra : EOV MISIONERA VITA BATEMY IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA MBA HANORINA ETA (EGLIZY TRANOBEN'ANDRIAMANITRA).

Tsy araka ny lojikan'izao tontolo izao ny fanorenana ny Tranoben'Andriamanitra, izany hoe tsy maintsy miady amin'ny fitiavan-tena, ny fialonana, ny avonavona... Tsy "consommateur" intsony ka vonona hiala amin'ny gejan'ny fanjifana tsy mahay mionona fa zary ho "acteur" mandray an-tanana, mpanorina. Matetika isika no miteny hoe : "Mba inona no nataon'ny diosezy tamiko? Inona no nataon'ny Eglizy tamiko? Mifamadika ny fanontaniana.Tsara aloha raha mametraka ny fanontanina hoe mba inona no nataoko nampisy ny diosezy, inona no nataoko nampisy ny egliziko? Fantaro tokoa fa tsy misy ny diosezy, tsy misy ny eglizy fa isika no mampisy azy... Noho izany mba mahatsiaro tena ho tompony tokoa ve isika? Sa mpanjifa fotsiny ? Mahatsiaro ho tompon'ity tany ve isika sa mpanjifa fotsiny ? Hoy indrindra ny Papa: "*izao no fotoana hahafahana miala amin'ny gejan'ny fanjifàna tsy mahay mionona..."*

Matoa tsy misy azon'ny diosezy atao dia satria tsy nataonao izay nampisy azy ?

4) NY FIANAKAVIANA EGLIZY KELY LOHARANO SY FOTOTRA...

Ny lalana ahafahantsika maneho fa tena EOV dia isika mandray an-tanana : mba tsy ho mpanjifa fa mikajy ny soa iombonana sy mpamelona ary mpizarazara ny soa amin'ny hafa.

Tsy maintsy miainga amin'ny loharano sy fototra isika : NY FIANAKAVIANA EGLIZY KELY. Io no lalan'ny safidian'Andriamanitra raha nahary antsika olombelona Izy 5jereo Jen 1, 2). Raha fintinina ny fahariana dia mifototra amin'ny zavatra telo izay mifameno sy mifaningotra ka raha tsy eo ny anankiray dia mitongilana ny fiainantsika olombelona : noharian'Andriamanitra isika hitovy endrika Aminy nohariana ho tia sy ho tiavina (fitiavana no itovizantsika amin'Andriamanitra satria fitiavana Andriamanitra), noharian'Andriamanitra niaraka tamintsika ny fianakaviana ka tsy hahita fivelarana ny olona raha tsy anatin'ny fianakaviana, rehefa hitan'Andriamanitra fa tsara izao rehetra izao dia nomeny antsika olombelona ny zava-boary mba ho kolokoloina amin'ny alalan'ny asa, hifampitsimbina fa tsy hifanapotika. Rehefa nanota isika dia mbola ny fianakaviana ihany koa no nentin'Andriamanitra hamonyj antsika tamin'ny alalan'ny Teniny tonga nofo teo anivon'ny Fianakaviana Masina.

Raha tiantsika àry ny hizotra amin'ny *départ vaovao*, amin'ny fiaingana vaovao, amin'ny fanorenana ny ETA dia tsy maintsy miainga amin'ny fianakaviana isika ka izy no ivon'ny fikolokoloana sy ny fikajiana ny zava-boary ary mbola izy ihany koa no ivon-toeran'ny fandraisana an-tanana na ara-nofo na ara-panahy na ara-tsaina...

Indrisy ny fianakaviana no mizaka ny tsy eran'ny aina amin'izao. Ny fanabeazana izay tsy misaraka amin'ny fianakaviana no potika...

5) ADY SADY DIA...

Mizara efatra ny Ady sady Dia hanambarantsika ny Pantekoty vaovao, ny *départ vaovao* : **Ady amin'ny ratsy amin'ny lafin'ny rehetra ary Dia entanin'ny Fanahy Masina mankany amin'ny fiainam-baovao ivelaran'ny Zanak'Andriamanitra, ny mahaolona manontolo sy ny olon-drehetra ka zary taranaka mpanorina.**

a) **Fianakaviana Eglizy kely miara-mandalina ny finoana sy miara-mivavaka.** Tsara kokoa raha fianakaviana maromaro mitambatra miara-mivavaka ka ny modely sady mpivavaka ho antsika ny Fianakaviana masina : manomboka amin'ny Alahady voalohany amin'ny Avent ka hatramin'ny Noely. (mbola misy taratasy manokana mikasika io ezaka ataontsika io...).

b) **Fianakaviana Eglisy kely miaro, mikolokolo ny tontolo iainana, ny Tranobe iombonana, miaro ny zava-boary** : *Taombaovao ka hatramin'ny Paka*. Nahazo fanomezana lehibe avy amin'Andriamanitra isika nefà tsy nokolokoloina fa nòpotehintsika... Tsy mitsahatra manohy ny fahotan'i Adama sy Eva isika ary indrisy mihoatra aza (Jereo Jen3 ary jereo koa ny vavaky ny Papa tamin'ny Jobily Lohataonan'ny Fahariana). Vanim-potoanan'ny karemy ary koa vanim-potoanan'ny asara, fotoan'ny mahalegny eto amintsika ka fotoana fanatanterahana ny fambolen-kazo. Mitaky fiovam-penitra mahery vaika ny fifandraisantsika amin'ny zava-boary, hoy ny Papa. Mila fibebahana lalina ka tsy ho mpanjifa mitrandraka ny harena fotsiny fa ho mpanorina indray (mbola misy taratasy manokana hanoro antsika ny atao araky ny fampianaran'i Papa ao amin'ny *Laudato si*)..

d) **Fianakaviana Eglisy kely mikajy ny soa iombonana mifanasoa** sy mifampitsimbina manomboka amin'ny Alahadin'ny *Paka ka hatramin'ny 15 Aogositra* : Vokatry ny Paka Fitsanganan-ko velona ny fiovam-penitra mahery vaika : miara-maty amin'i Kristy amin'ny fahotana ka miara-mihavao, miara-mitsangan-ko velona". Fianakaviana Eglisy kely olom-baovao vokatry ny Paka ka mifampitsimbina sy mifanasoa (Ansiklika tutti Fratelli). Hoy Papa tamin'ny tanora teny Soamandrakizay : "tsy mahazo milaza amin'ny akaikinao hoe tsy mila anao aho... Izao tokoa ny vanim-potoana tsara ho an'ny fianakaviana eglisy kely mifanasoa sy mifampitsimbina : EOV Misionera vita batemy ka irahina zary tabernakla velona mizara ny famindrampon'Andriamanitra... Io fifampitsimbina sy fifanasoavana io no antom-pisian'ny fikambanana masina firohotana ary ireo vaomieran'asa isan-karazany. Manambara fa Fahazavana sy Fanasina ka tena Kristy Mpia-belona amin'ny olona tokoa. Miova ny fifandraisana eo anivon'ny fiaraha-monina ka manjaka ny fifankatiavana, ny rariny sy hitsiny ary tanteraka ny fihavanana marina izay soatoavina Malagasy..... Ity fifampitsimbinana sy fifanasoavana ity no mampibaribary fa tena Olo Araiky tokoa isika ka zary ETA Eglisy Tranoben'Andriamanitra tsy misy mifanilikilika, tsy mifanapotika fa mifampitsimbina, mifanasoa...

e) **Fianakaviana Eglisy kely mandray an-tanana** : *15 août ka hatramin'ny Fetin'i Kristy Mpanjaka* : tsy mpanjifa intsony isika fa tena tompony rehefa namakivaky ireo vanim-potoana telo teo aloha ireo. Tsara marihina fa ny fandraisana an-tanana dia mandavan-taona fa noho ny fizarazarana no mahatonga azy ho 15 août no manomboka. Rafitra apetraka anefa izany fa anjarantsika ny mahita izay tena fotoana mahamety azy isan-taona.

Endriky ny fandraisana an-tanana ny fanatanterahana ny **hasim-pinoana**. Fihavaozana, *départ vaovao* no tanjona entin'ny Pantekoty vaovao. Ny teny mampita hevitra. Izany no nahatonga antsika nanova ny fiantsoana ny "denier de culte". Raha ny marina tsy isika fa i Mgr Albert Tsiahoana izay nanatrika ny Konsily Vatikana Faharoa izay lazaina matetika ho Pantekoty vaovao teo anivon'ny Eglisy. Ny Konsily vatikana faharoa no nametraka tokoa ny lahika ho Apostoly mandray an-tanana. Io foto-kevitra io no nandrisika azy hanova ny "denier de culte" ho hasim-pinoana izany hoe tsy anarana fotsiny no miova fa ny foto-kevitra entina sy ny tanjona ...Mba ho tena tompony, ho tena acteur, ho mpikatroka dia manomboka amin'ny mbola kely satria mila fanabeazana ny maha eglisy fianakavian'Andriamanitra fa tsy voa-janahary vokatry ny safidy izay miseho amin'ny Kofirmasio ka antsoina hoe : **hasim-pinoana satria avy an-trano ny jify vao mivoaka, avy an-trano ny Hasina vao mivoaka aty ivelany. Manome Hasina ny finoako aho satria kristianina katolika ka mampisy ny diosezy, mampisy ny eglisy misy ahy. Ny finoako kosa manamasina ahy amin'ny alalan'ny Sakramenta.** Fantatsika fa ny pretra no mizara ny sakramenta sy mitory ny Vaovao mahafaly . Noho izany ny hasim-pinoana dia entina hikarakarana ny pretra manomboka amin'ny fiofanana ka hatramin'ny fiainana rehefa amperin'asa sy raha sanatria tsy salama (*assurance*) ary hikarakarana azy rehefa tonga ny fahanterana. Indray andro any azy mety hisy trano hipetrahan'ireo Pretra zokibe na tsy salama.

Tsara koa ny manamarina fa tsy misy intsony ny fanampiana avy any ivelany... na misy fa tena kely ary ity krizy ity mety hampihena azy bebe kokoa... Efa naminany izany i Md Papa Paoly faha 6 tany Kampala (1965) : "tonga ny fotoana ianareo afrikanina no misionera ho an'ny afrikanina"... izany hoe isika vita batemy EOV no irahina ho misionera amin'izao.

6) EOV MISIONERA VITA BATEMY IRAHINA MANDRAY AN-TANANA

Hitantsika fa sady EOV Misionera isika ka misy ny fohy ezaka izay tsy maintsy tanterahina dieny izao satria vonjy rano vaky, misy ny ivo ezaka izay mila fandaminana ary eo lavitr'ezaka izay mila fiofanana nefo tsy tokony ho tara io fiofanana io raha tantsika hisy vokatra ary vokatra maharitra. Ireo rehetra ireo tsy mahasakana ireo fanaontsika mahazatra any amin'ny paroasy (Ambarina) na Eglisy Iraka (Antsiranana) misy antsika toa ny "enveloppe de noël" sy "envelope de pâques" sy ny rakitra ary ny vokatra isan-karazany amelomana ny eglisy toa ny basy mena sns... **Mazava ho azy fa tsy maintsy ao anatin'ny mangaraharaha ny fitantanana mba samy ho tena "acteur" sy tompony tokoa ny vita batemy tsirairay.** Mila manao tomban'ezaka matetika mba hitoetra tsara ny fifampitokisana. Ilaina noho izany ny fametrahana isaky ny eglisy sy paroasy ny Vaomieran'ny fainam-piangonana na Filan-kevitra ny fitantanana eo anivon'ny diosezy (**conseil économique et financier**). **Mila fiofanana izany rehetra izany. Vonona hanao izany ireo efa manana fahaizana amin'izany...**

Mba hivaingana sy ho azo tsapain-tanana (concret) àry ny ataontsika dia manomboka amin'ity taona ity ny "carte d'identité katolika" ho antsika sy ireo miombon'antoka amintsika (efa nisy eo anivon'ny diosezin'Antsiranana). Soratana ao anatin'ny karatra ny ezaka atao'nny vita batemy rehetra tsy misy avakavaka na kely na lehibe na ireo vonona hiombona amin'ny eglisy manambara ny fandraisana an-tanana. **Noferana ho 1000 ar isan-taona isaky ny vita batemy ny faran'ny ambany fa afaka manome mihoatra izany araka izay foiny. Misoratra ao ihany koa ny fandraisana an-tanana amin'ny fambolen-kazo fanehoana ihany koa ny fikolokoloana ny Tranobe iombonana araka ny fanamby tamin'ny faha-60 ny diosezin'Antsiranana : Hazo 6 isaky ny vita batemy mandritra ny 10 taona...**

FAMARANANA SY FANIRAHANA ARY VAVAKA

Taom-piketrohana vaovao mitondra amin'ny "Nouveau Départ", Pantekoty Vaovao vokatry ny fiovam-penitra mahery vaika iadiantsika amin'ny KORONTANAVIRUS mitondra amin'ny fainam-baovao ao amin'i Jesoa Kristy, "lalana sy fahamarinana ary fainana". Tsy isika tokoa fa ny Fahasoavan'Andriamanitra miaraka amintsika no manosika antsika hiroso lalindalina kokoa amin'ny fandraisana an-tanana amin'ny lafin'ny rehetra na ara-panahy na ara-nofo na ara-tsaina satria olon'ny finoana, olon'ny fitiavana, olon'ny fanantenana. Izao tokoa ny fotoana tsara hahatonga antsika ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA. Enga anie haka tahaka ny Fo Masin'i Jesoa ny fontsika jiaby mba hizara ny famindram-pon'Andriamanitra. Ankinina amin'i Masina Maria Renin'ny Eglisy ny ezaka rehetra ataontsika. Izy no milaza amintsika hoe : "ataovy izay rehetra lazainy aminareo". Andeha hiaraka isika Olo Araiky, Eglisy Fianakaviam-ben'Andriamanitra eto amin'ny diosezy hameno ireo siny enina dia ny sinin'ny "VAVAKA", sinin'ny "FANDALINAM-PINOANA", ny sinin'ny "FANOMPOANA", ny sinin'ny "FANDRAISANA AN-TANANA", ny sinin'ny "FIVORIANA, NY FIOFANANA, NY FIFANDRAISANA", ary ny sinin'ny "FANKALAZANA". I Md Fidèle Mpiairon'ny diosezin'Ambarina sy ny Olts Lucien Botovasoa hivavaka ho antsika. Mitsodrano anareo jiaby izaho. Mivavahà ho an'ity Mpanomponareo.

Anio 07 Oktobra 2020
Fankalazana ny Mpanjakavavin'ny ROZERY



+ Mpanomponareo Ramaroson Marc Benjamin, cm